ERICO RAMIANDRISOA DIT GÉNÉRAL GARABA

Tokony hosokafana ny orinasa efa namorona asa

Maneho ny fahitany ny raharahaam-pirenena amin'izao fotoana indray i Erico Ramiandrisoa dit Général Garaba, mpamakafaka ara-politika sy ara-toekarena.

Erico Ramiandrisoa na Général Garaba.

Ny olana rehetra misy eto hoy izy dia noho ny kitoatoa sy ny tandrevaka ataon'izay rehetra tonga eo amin'ny fitondrana. Raha tsy hiteny aho amin'ny lafiny tsy fandriampahalemana, tsy fahampiana ara-tsakafo, ny fahasalamana, sns… indrindra fa ny ara-toekarena, ary dia io no aina iankinan'ireo olana goavana rehetra ireo. Raha nikasa hanao « relance économique", na fanarenana izao ny mpitondra dia gaga ihany ny olona indrindra, fa ny mpahay toekarena fa fanankatonana orinasa indray no natao. Sady tsy hamorona asa sy hanangana orinasa izany isika, fa ny efa mitsangana indray no akatona. Ny vahaolana amin'ny olana maro eto amintsika izao dia ny fananan'ny fanjakana finiavana hijery sy hampandroso ny lafiny ara-toekarena. Famoronana asa izao no tokony himasoana, hivoahana amin'ny krizy nateraky ny Covid-19, mba hananan'ny olona asa hialana amin'ny tsy fandriampahalemana, hiakaran'ny vola miditra amin'ny olona isa-tokantrano,… satria noho ny tsy fananana no mahatonga ny olona halaim-panahy hanao zavatra tsy mifanaraka amin' ny tokony hatao. Tokony hanana vina maty paika ny fitondrana hanosehana sy hanampiana ny tontolo any ambanivohitra (fambolena sy fiompiana), mba tena ho mpamboly marina sy mpiompy marina, fa tsy sarisary tahaka ny misy ankehitriny. Tokony hajanona ny fitenenana hoe ny 82% ny Malagasy dia mpamboly sy mpiompy, raha tsy ho atosika izy ireo sy ampo-risihana, satria ny marina dia ny 82% ny Malagasy dia tsy manana foto-pivelomana matotra sy maharitra. Ahoana no hieritreretana fa ny 82% dia tsy hamatsy ny 18%? Ankehitriny dia mihena ny lanjan'ny Ariary raha ampitahaina amin'ny vola vahiny. Noho isika tsy manana fiandrianana amin' ny volatsika, indrindra fa ny famokarana dia tsy mifandanja amin'ny fanafarana avy any ivelany. Ary izany tsy vitan'ny hoe hamokatra dia manondrana. Izay no nahavoa antsika rehefa potika ny orinasa kely izay mba nisy teto. Noho izay dia tokony hamokatra dia monodina izay vao manondrana, fa tokony tsy hatao ambanin-javatra ny famoronana orinasa, mba hamokatra, ka hanondrana avy eo. Fa raha io vokatra tonga dia ahondrana io dia lasa manome tombony ho an'ny hafa isika amin'ireny. Izany hoe tokony ho jeren'ny fanjakana akaiky ny mahakasika io politique monétaire, création d'entreprise io, izay miteraka création d'emploi, tsy tokony hanao andrakandrana intsony fa izany ihany no nahavoa hatramin'izay. Izany rehetra izany dia miankina amin'ny finiavana ara-politika (volonté politique) ananan'ny mpitondra. Tokony ho sahy hanokatra orinasa, mba hanodina ny vokatra ka haondrana. Dia jereo ihany koa io soso-kevitra atolotry ny FMI-Malagasy mahakasika io resaka MID (Marché Inter-bancaire de Devises) io, fa misy akony lehibe eo amin'ny toekarena. Raha manana drafitra maty paika sy finiavana ara-politika amin'ny lafiny ara-toekarena isika dia mora dia mora, mba tsy hitenenana hoe voavaha ny olana maro hafa izay manakana antsika tsy ho any amin'ny fampandrosoana maharitra.

Ny Valosoa

Mazotoa mihira

Hira anisan'ny mbola malaza amin'izao fotoana indray no tononkira atolotra anao androany. Hira nanamarika ny tolona nataon'ireo depiote miisa 73, nanao tatitra nanerana ny Nosy tamin'izany, no atolotra anao : Fôlaka la clé. Izao anefa dia voalaza fa tsy azo ataon'ny solombavambahoakan'i Madagasikara indray ny tatitra manerana ny Nosy toy ny nisy tamin'ny taona 2018 iny, toa taon-dasa tsy tsaroana ny an'ireo mpitondra amin'izao fotoana, izay iny tolon'ny depiote 73 iny no anisan'ny nanampy azy niakarany tamin'ny fitondrana. Na izany na tsy izany, mazotoa mihira e !

Fôlaka la clé

Koragna antanagna fa mahay mifafa
Hoe vadiko zaigny tia mandeha mafy
Fa zah tsy maharaka
Satria voa langolango matitike safosafo
Ampiarahagna tsindrim-peo key tavela zaho oh!
Izy koa volan'olo ampidiriko à gauche
Avoaka à droit tsara nahoako everiko vandy
Fa niany ty zah vo naharaka kay tsaratsara amitsika misaraka
Tofoky zah tsiagna

Bôrobôroko indesim-papango
Magnaraka anao zah topia vato
Tsy zah eky andeha hagnampody anao
Sengisengy
Anao io fa zatra
Sakendrany takatra anao mifamatra
Nararaotinao zah

Réf: Fa zô anao ty eh Fôlaka la clé...
Yélélé Fôlaka la clé...
Yélélélé Fôlaka la clé, fôlaka la clé
Tamiagna migadra avy antragno
Fôlaka la clé, fôlaka la clé...
Hey Tapaka sôtro finanagna eh



Nanombohany nisengisengy
Taritin'ny namagna tsy manambady
Farany nagnano raha mamoa-fady
YehTi ahazo rah
Tsara nefa kamo miasa
Variagna mitèra, magnenjiky pata
Fa ziô, anao mahay mitantara
Tsy an-tokotany, tsy am-parafara
Nahazo place tsy nahay nipetraka
Fa ty misy raha tiako hainao
Lamba montraka soloagna vaovao
Tsy lelahy karah zah tsy ahita ny asolo anao

Bôrobôroko indesim-papango
Magnaraka anao zah topia vato
Tsy zah eky andeha hagnampody anao
Sengisengy
Anao io fa zatra Sakendrany takatra anao mifamatra
Nararaotinao zah.

Réf.

Mpamorona sy mpihira: Mario

Sakafo Ny Valosoa

Tongo-kisoa saosy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina : tongo-kisoa, tongolo, voatabia ary sakamalaho. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fomba natoraly fanalana fofom-bava

Fomba natoraly fanalana fofom-bava (mauvaise haleine) indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
1-GRAINE DE CAFÉ, tsakona ilay voana kafe iny.
2-CLOU DE GIROFLE, mitsako kely amin'ny clou de girofle.
3-PERSIL, mitsako ravina persil.
4-MENTHES na solila: mitsako ravina menthe, tsy be dia be akory no tsakoina, fa kely manala ilay fofona iny fotsiny.
Ary fadio koa ny mihinana sakafo mahamay.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Marofinaritra, any amin'ny distrikan'Antalaha, faritra Sava

Ny tanànan'i Marofinaritra, any amin'ny distrikan'Antalaha, faritra Sava indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Marofinaritra ity tanàna ity, any amin'ny tapany atsimon'ny faritra Sava, any amin'ny faritra manasaraka ny distrikan'Antalaha sy Maroantsetra faritra Analanjirofo, no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana ihany izy satria 110 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tantsaha avokoa ny ankamaroan'ny mponina ao aminy, tantsaha mpamokatra lavanila, toy ny any amin'ireo kaominina hafa any amin'ny distrikan'Antalaha.